

Exercer le pastorat en équipe :

Mila fiombonana ny fitaizana sy ny fitandremana ny ondry, noho izany dia tokony hisy fiaraha miasa, fa tsy pastera irery na olona iray fotsiny no manao ny asa ao am-piangonana ;

Misy andalana vitsivitsy ao amin ny baiboly milaza izany, hita ao am Asan'Apostoly toko faha 15 and faha 4, faha 6, faha 22 sy toko faha 16, and faha 4, vakiko amin ny anaran i Tompo :

*« 4 Ary rehefa tonga tany Jerosalema izy, dia noraisin'ny fiangonana sy ny Apostoly ary ny loholona\*, ka dia nilaza izay rehetra efa nataon'Andriamanitra tamin'ny nombany azy.*

*6 Ary dia nivory ny Apostoly sy ny loholona\* mba hihevitra izany zavatra izany.*

*22 Ary sitraky ny Apostoly sy ny loholona\* mbamin'ny fiangonana rehetra ny hifidy olona amin'ny namany mba hirahina hiaraka amin'i Paoly sy Barnabasy hankany Antiokia, dia Joda, izay atao hoe Barnabasy, sy Silasy, izay lehilahy samy tsara laza eo amin'ny rahalahy;*

*4 Ary raha nandeha nitety ny tanàna tao izy, dia natolony hotandreman'ny olona ireo didy navoaky ny Apostoly sy ny loholona tany Jerosalema. »*

Manamafy izany fa na tamin ny andro taloha aza dia tsy olom bitsy no nitondra ny Fiangonana fa olona maromaro.

Isika rehetra dia pastera avokoa saingy samy manana ny mission ny tsirairay araka ny fanomezam pahasoavana nomen'Andriamanitra azy avy.

Ny fiaraha miasa sy ny hamaroan'ny loholona mitarika, dia mitondra fiovana sy vokatra tsara eo anivon ny Fiangonana (vita ny asa na dia betsaka aza, maivana kokoa ny fanaovana azy, tsy reraka loatra ny mpitondra ary manompo amin ny fifaliana ny tsirairay)

Anisan ny vaha olana natoron i Jetro (rafozan i Mosesy) tamin izany dia hitantsika ao amin'ny Eksodosy toko faha 18, and faha 17 sy 18 :

*« 17 Ary hoy ny rafozan'i Mosesy taminy; Tsy tsara izao zavatra ataonao izao.  
18 Samy ho reraka mihitsy, na ianao na izao olona miaraka aminao izao; fa mavesatra aminao loatra izao zavatra izao, ka tsy ho zakanao irery ny hanao izao. »*

Eksodosy toko fah 18, and faha 21 sy 22 :

*« 21 Ary mizaha eo amin'ny olona rehetra izay lehilahy mahay sy matahotra an'Andriamanitra, dia lehilahy marina izay tsy tia kolikoly; ka manendre mpifehy arivo sy mpifehy zato sy mpifehy dimam-polo ary mpifehy folo hifehy azy.*

*22 Ary aoka ireo no hitsara ny olona mandrakariva, ka ny ady lehibe rehetra no aoka ho entiny aminao, fa ny ady madinidinika rehetra kosa dia aoka hotsarainy ihany; dia ho maivamaivana kokoa aminao izany, ka dia hiara-mitondra aminao ireo. »*

Tsapa arak izany ireo tombon-tsoa azontsika rehefa betsaka ny olona miara-miasa araka ny volaza tetsy aloha :

Vita ny asa,  
Mizara ny asa  
Maivana ny asa  
Mirindra ny asa  
Mivelatra ny fiangonana,  
Mitombo ny fahombiazana  
Faly ary maharitra ny tsirairay amin'ny asa fanompoana